Ny Valosoa sy fakafaka 3
**Ahariharin'ny toetrandro ny tsy fahombiazan'ny mpitondra**

Fitaterana sy politika 2
**Mijoro ny Hetsika Fanoherana Teleferika**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 22 janoary 2022 Laharana 1255 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Toetr'andro faran'ny herinandro 6
**Faritra maromaro no mbola hijojo ny orana**

**Filoha Marc Ravalomanana mivady** 3

## Mamporisika ny rehetra hanao vaksiny hatrany



**Boriboritany faha-3** 2

## Tsy mijery fotsiny ireo traboina ny antoko TIM



**Lakandranon'Antananarivo** 3

## Maintany ny ekipan'i Lalao Ravalomanana tamin'izany dia efa niasa



**Ramatoa tratry ny mosavy sy jihny ratsy** 6

## Nokarakarain'i Mr Aina teny Itaosy vao avotra



**Baolina kitra CAN 2022** 6
Fantaro ireo lalao rehetra amin'ny 1/8-dalana

**RN32 faritra Sofia** 7
Manararaotra ny mpangalatra, ratsy dia ratsy ny lalana

**Daka kely**
3 taona fotsiny dia nataon'ialahy gida maimbo sy bokan'i Trosa i Dago ry Boaikely a !

BORIBORITANY FAHA-3

# Tsy mijery fotsiny ireo traboina ny antoko TIM

Amin'izao fisian'ny traboina eto Antananarivo sy ny manodidina izao, noho ny tondra-drano sy ny trano na tany nihotsaka, mitondra fanampiana ho azy ireo koa ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Toy izany no nataon'ny avy amin'ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity tao amin'ny Boriboritany faha-3. Tsy nijery fotsiny ireo vahoaka traboina tratry ny ranobe teny Ankorondrano ny antoko Tim, fa nisy ny fanampiana nentina ho azy ireo teny an-toerana. Nitarika, nitondra ny fanampiana tamin'izany ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM Riana Randriamasinoro, sy ny solontenan'ny depiote Feno Ralambomanana, voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-3. Sakafo, kojakoja samy hafa ilain'ireo traboina amin'ny fiainana andavanandro no nentin'izy ireo tamin'izany.

***Isambilo***




*Fanampiana, anisan'ny nentin'ny antoko TIM ho an'ireo traboina.*

3 taona nitondran'i Andry Rajoelina

# Velirano nitondra dibodrano teto Madagasikara

Ny 19 Janoary 2022 lasa teo no feno 3 taona no nitondran'i Andry Rajoelina ny firenena malagasy. Velirano nitondra diborano no nitranga teto Madagasikara, satria mahatratra an'aliny ireo traboina teto amintsika hatramin'ny omaly. Nandray fanapahan-kevitra avy hatrany ny fitondrana manoloana izany, satria ankoatry ny traboina dia maro ihany koa ireo foto-drafitr'asa simba, ary manginy fotsiny ireo namoy ny ainy. Hatreto dia tsy mbola voavaha ny fidangan'ny vidim-piainana, ny firongatry ny tsy fandriampahalemana eto an-drenivohitra sy eny ambanivohitra, ny sosialin'ny mponina, ny fijerena ireo tantsaha eny ambanivohitra, sns… fa werawera no betsaka toy ny fanaovana kianja, fitaterana teleferika, sns… izay tsy misy fiantraikany amin'ny filan' ny mponina velively. Toa tsy afaka am-bavan'ny vahoaka malagasy aza ny hoe : « fianianana tsy nisy fanompoam-pivavahana teny Mahamasina io, hany ka midofotra avokoa izay rehetra atao satria tsy sitrapon' Andriamanitra". Andrasana indray izay ho tohin'ny lazaina fa fampandrosoana, satria leon'ny balarora sy ny kabary tsara lahatra, ary ny lainga raofina,… ny vahoaka malagasy.

***Rajo***

Fitaterana sy politika

# Mijoro ny Hetsika Fanoherana Teleferika

Mijoro amin'izao fotoana ny Hetsika Fanoherana Teleferika, araka ny fanambarana nataon'izy ireo: "tsy ekenay marindrano ary toherinay ny fanatanterahana ny tetikasa teleferika, izay tsy hamaha ny fitohanan'ny fifamoivoizana eto Antananarivo, sady tsy ao anatin'ny laharam-pahamehan'ny Firenena velively. Marobe ny Olompirenena, Fikambanana ary Antoko Politika manohana izao hetsika izao", hoy izy ireo. Araka ny fanambarana nataony ihany:" nanao sonia fifanarahana ny Fanjakana Malagasy sy ny Fanjakana Frantsay, niaraka tamin'ireo Banky Frantsay hanaovana Teleferika eto Antananarivo. Miteti-bidy 151 tapitrisa euros na eo amin'ny 680 lavitrisa Ariary eo izany. Natao mba hamahana ny olan'ny fifamoivoizan'Antananarivo ny tetikasa. Olona 40 000 isan'andro no heveriny handeha amin'izany ary 4000 Ar eo ny sarandalana. Nolazain'ny Fanjakana fa 14 taona no hamerenana ny vola ary tsy trosa fa mamelontena ilay tetikasa. Rehefa nandinika sy namakafaka izahay dia tsy mahavaha ny fitohanan'ny fifamoivoizana eto Antananarivo io. Ny Gara andalovany vitsy aza dia tsy misy eny amin'ny toerana maro mponina. Lafo koa ny sarany, ka tsy takatry ny sarambabem-bahoaka. Ho vitsy izany ny olona hisitraka azy, ka ho vitsy ny fiara hijanona tsy hivoaka. Hisy foana ny fitohanana. Rehefa nataonay koa ny kajy ara-bola dia tsy mahavelon-tena io tetikasa io fa matiantoka. Fampitomboana trosa izany ka voatery ny Fanjakana no hamerina azy, kanefa olombitsy no hisitraka azy. Maro ny tetikasa tokony hatao sy maika aloha hamahana ny fifamoivoizana eto Antananarivo : fanamboarana ny làlana simba, izay mameno ny tanàna; fanaovana tsena hasiana ireo mpivarotra mibahana ny làlana; fanatsarana ny fitaterana: bus lehibe, train urbain,… Famenoana ireo làlana manodidina an'Antananarivo sy fanafainganana azy ireny (Rocade avaratra, Fly over,...). Fanaparitahana ny Biraom-panjakana ilain'ny vahoaka ho eny anivon'ny Distrika manodidina, mba tsy hiakarany foana eto Antananarivo. Fananganana Tanàna vaovao ekonomika (Nouvelles zones économiques) maro manodidina an'Antananarivo, hanampiana ireo mpandraharaha malagasy ary hisarihana ireo vahiny. Mamorona asa maro izany ary misarika ny olona tsy hiakatra eto Antananarivo. Mahantra sy noana ny Vahoaka Malagasy. Midangana tsy zaka ny vidim-piainana. Mafy ny fiatrehana ity valanaretina ity, mitombo foana ny marary sy maty isan-kerinandro. Mikatso ny toekarena, sahirana ny fandraharahana, mitombo ny tsy an'asa, ... Latsaka an-katerena ny Firenena. Manoloana izany dia tsy laharaham-pahamehana io fanaovana teleferika io, manoloana ireo tetikasa marobe tokony hatao haingana manerana ny Nosy : fanatsarana ny fomba fiasa amin'ireny toerana fitiliana aretina sy fitsaboana ireny. Fampitaovana ny toeram-pitsaboana sy ny mpiasan'ny fahasalamana, ary famatsiana fanafody sy oxygène ampy sy ara-potoana. Fanefàna ara-potoana ny valin-kasasaran' ireo Mpitsabo sy ny Mpiasan'ny fahasalamana rehetra. Fanohizana ireny fanampiana mivantana ny tena sahirana ireny, indrindra ny any atsimo. Fanajariana ny tany eny ambanivolo ary fanomezana tany sy fampitaovana (tracteur, kubota, masomboly, ....) ny tantsaha hahafahany mamboly sy mampitombo ny vokatra. Fanampiana ireo orinasa tsy miankina mba hiasany tsara. Hivaingana sy hangarahara ireo fanampiana fananganana orinasa mamokatra sy mamorona asa. Fanamboarana trano fianarana sy tobim-pahasalamana manerana ny Nosy. Fanamboarana ireo làlana nasionaly maro simba manerana ny Nosy. Fanaovana ny Pipeline any Atsimo mamatsy rano iadiana amin'ny Kere. Fanaovana ny fotodrafitrasa ahafahana mitatitra ny solika mavevatra avy ao Tsimiroro manerana an'i Madagasikara. Fanorenana"Centrale hydroélectrique"hanome rianaratra manerana ny faritra, izay tokony ho adidin'ny Fanjakana no manao azy, indrindra ireo manampy ny eto Antananarivo ( Mahavola, Vohitsara, ...

Raha mikiry hanantanteraka io tetikasa io ianareo Fanjakana dia raisinay ho tomponandraikitra amin'izay loza mety hatrany: fahafatesana olona sy fahapotehana fananany, ary ny fatiatonka amin'ny trosa haterany.

Noho izany dia tsy ekenay marindrano ary toherinay ny fanatanterahana ny tetikasa teleferika izay tsy hamaha ny fitohanan'ny fifamoivoizana eto Antananarivo, sady tsy ao anatin'ny laharam-pahamehan'ny Firenena velively. Mifameno ami'ireo hery velona samihafa efa nanao fanambarana izany. Fanavotana ny Firenena sy fitsinjovana ny tombontsoa amboniny no hanaovanay izao fanambarana izao". Olompirenena, Fikambanana sy Antoko Politika no nanao sonia izao fanambarana nataon'izy ireo izao.

***Isambilo***




*Ny sasany amin'ireo ao amin'ny Hetsika Fanoherana Teleferika.*

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Ahariharin'ny toetrandro ny tsy fahombiazan'ny mpitondra

Ahariharin'ny toetrandro be rotsakorana, ny tsy fahavitan'ny tompon'andraikitra eto amin'ny firenena, ny asany sy ny andraikiny amin'izao fotoana izao. Tsy misy ahafahana manilika ny andraikitra amin'ny hafa fa efa izy no eo, izay rahateo no teniny, dia ny fitondrana ankehitriny no tomponandraikitra voalohany iandronan'ny rihitra. Nanana fotoana niomanana rahateo na ny tomponandraikitry ny tanànan'Antananarivo, na ny fitondrana foibe. Novoizin'ireo ihany koa, ary tsaroana mandrakariva, vao tany amin'ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra ho amin'ny fifidianana kaominaly, ny filazana fa handroso bebe kokoa ny tanànan'Antananarivo, raha mitovy loko ny ben'ny tanàna sy ny fitondrana. Niditra an-tsehatra mihitsy tamin'ny fampielezan-kevitra na dia somary nosarontsaronana be ihany aza tamin'izany fotoana izany. Nanantena fiovàna be teto an-drenivohitra ireo olom-pirenena nifidy azy taorian'izay, kanefa iaraha-mahita ny zavatra misy sy iainana ankehitriny. Tsy mbola nisy fahapotehana sy faharatsian-dalana toy izao eto an-drenivohitra. Nitombo izaitsizy ny isan'ireo traboina raha miohatra ny tamin'ny taon-dasa, nefa vao miandoha ny rotsak'orana be. Voalaza anefa fa efa miforona indray koa ny rivodoza. Tsy ampy ny trano lehibe andraisana ireo traboina raha ny fotoana voalohany izao. Ny fandaminana ihany koa misy fahataràny, ary maro tamin'ireo traboina no nitaraina tamin'ny zavatra samihafa, sakafo, rano fidiovana, sns...

Tsy iombonan-kevitra ny amin'ny filazana fa tsy fotoanan'ny fifanomezan-tsiny intsony izao. Tsia, variana tamin-javatra hafa izao fitondrana izao, sy ny Ben'ny tanànan'Antananarivo, fa tsy ny tena mahakasika akaiky sy maika amin'ny filan'ny mponina sy ny vahoaka malagasy. Mampiharihary ny laharampahamehana tsy mitombona an'ny fitondrana ny zava-misy. Mby amin'ilay fitenenana hoe "ny tokonana tsy afaka ka rindrina no anihina", ny fandehan'ny raharaha sy ny fomba fiasa. Izao fitondrana izao ihany koa, ambara mandrakariva, fa tsy manana fijery misoroka mialoha ny zavatra hisy, fa efa mitranga ny toe-javatra vao mikoropaka. Dia avy eo araraotina amin'ny fihetsika miharo politika eo imasom-bahoaka izany. Ilay fahoriana sy fahasahiranam-bahoaka ary ilay fahantrany no araraotina. Tsy rariny sy tsy hitsiny izany. Hatrany am-piandohana no nandraisan'izy ireo ny fahefana anefa izany tranga izany. Tokony ho fialan-tsiny sy fiaikena tsy fahombiazana aza no tokony hataon'ny Ben'ny tanànan'Antananarivo sy ny fitondrana Rajoelina, manoloana ny fahavoazam-bahoaka toy ny ankehitriny izao. Ny Ben'ny tanànan'Antananarivo lany andro niady sy mitady hatrany izay hanilihana ireo mpanolotsaina manohitra azy, ka mifofotra mitory eny amin'ny fitsarana azy ireo no ataony fa tsy mifantoka amin'ny fitondrana ny mponina an'Antananarivo, sy izay hahatongavany amin'ny tranga toy izao. I Andry Rajoelina sy ny fitondrana tsy mikatsaka afa-tsy ny kajikajy politika sy varina mametraka teti-panorona amin'ny fifidianana hoavy. Dia izao no vokany, ny vahoaka hatrany no mitondra faisana. Raha mangina ireo dia, … ny toetrandro no hiteny…

***Sôh'son***

FILOHA MARC RAVALOMANANA MIVADY

# Mamporisika ny rehetra hanao vaksiny hatrany

Mirongatra indray amin'izao fotoana izao, ny valanaretina coronavirus eto amin'ny firenena ary tato anatin'ny fotoana fohy dia maro ireo namoy ny ainy vokatr'izany. Efa afaka manao vaksiny andiany fahatelo, fatra fanampiny izao ny eto Madagasikara ary maimaimpoana izany vao andro vitsivitsy izay. Tsy nangatak'andro araka izany ny filoha Marc Ravalomanana mivady, fa avy hatrany dia nampiseho ohatra tsara ho an'ny vahoaka Malagasy, ka nanao io vaksiny andiany faha 3 io ny tenany sy ny fianakaviany teny Andraharo foiben'ny Firenena Mikambana eto amintsika. Teo dia nitaona ny olona mbola misalasala hanao vaksiny ny filoha Marc Ravalomanana mivady, fa tena tsara io ary io ihany no fiarovana tena tsara, mba tsy hahavoa ny valanaretina Coronavirus, hoy izy ireo. Miantso ny mpitondra fanjakana koa ny filoha Marc Ravalomanana, mba hanome ohatra tsara ho an'ny vahoaka Malagasy, fa rehefa salama dia afaka miasa sy mandroso ny firenena.

***Helisoa***



*Ny Filoha Marc Ravalomanana mivady, nanao vaksiny fatra faha-3.*

Lakandranon'Antananarivo

# Maintany ny ekipan'i Lalao Ravalomanana tamin'izany dia efa niasa



*Fitaovana toy izao, no anisan'ny nanadiovana lakandrano sy tatatra, tamin'ny nitondran'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana.*

Samihafa ary atsimo sy avaratra mihitsy ny zavamisy amin'izao fotoana, sy tamin'ny nitondran'i Neny Lalao Ravalomanana ny tanànan'Antananarivo. Tamin'ny nitondran'i Neny ny tanàna, maintany dia efa nanadio ny lakandrano sy ny tatatra rehetra teto an-drenivohitra ny ekipan'ny kaominina tamin'izany, samy nandray ny andraikiny na ny tao amin'ny fiadidiana ny tanàna foibe Analakely, na ireo delege isaky ny Boriboritany miisa 6 sy ny ekipany. Amin'izao itondran'ny Ben'ny tanàna Vazahabe Naina Andriantsitohaina izao, tsy nisy ary tsy misy izay fiomanana amin'ny fotoampahavaratra izay, koa tsy nahagaga raha dobo rano ny faritra maro teto andrenivohitra tamin'ity herinandro ity. Tamin'ny andron'ny kaominina teo aloha anefa, vao mitsahatra ora vitsy ny orana dia efa midina koa ny rano tamin'ny faritra maro dibodrano. Tamin'izany, fitaovana sy mpiasan'ny kaominina no manadio, tsy mila foloalindahy sy polisy nanampy dia efa vita ny asa, na tsy nisy fanampiana avy tamin'ny fitondrana foibe aza tamin'izany fotoana. Hita ho tsy mahay mitantana sy mijery lavitra mihitsy ny mpitondra ny tanàna amin'izao fotoana, sy ny fitondrana manontolo tarihan'ny filoha Rajoelina mihitsy.

***Niaina***

## Ny Valosoa sy hadihady

Veliranon-dRajoelina

# Toa mitondra loza hatrany isaky ny volana janoary

Nitalao nangataka ny ilatsahan'ny orana tamin'ilay Mpahary izao rehetra izao ny Malagasy, satria maina ny tany ary na ny rano nosotroina aza nanahirana. Namaly ny hataka Izy, nomeny be dia be mihoatra lavitra noho izay ilaina ny Malagasy. Ny azo lazaina dia toy ny loza nihàtra tamin'ny valanaretina covid-19 ihany no miseho amin'izao fotoana izao, noho ny nanamaivanan'ny mpitondra ny mety ho fiantraikan'ny aretina eo amin'ny sehatra rehetra. Nilaza tokoa tamin'izany fotoana izany ny minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina Lalatiana Andriantongarivo Rakotondrazafy, fa tsy mafy noho ny kolerà sy ny pesta izay efa nandalo teto ny covid-19. Navela nisokatra foana ny sisintany na teo aza ny antsoantson'ny vahoaka, ka efa nihanaka ny valanaretina vao niala ilany tamin'ny fanambarana fa nahita fanafody nentina niady tamin'ny aretina ny mpitondra. Tsy nampiova na inona na inona teo amin'ny fiainan-dRamalagasy sy ny firenena aty Afrika nampiasa azy anefa ny CVO. Tsy nieritreritra ny zava-doza mety hateraky ny fanotorana ny lemak'i Betsimitatatra, rehefa tonga teo amin'ny fitondrana Rajoelina Andry, ka nanao ho laharampamehana ny tetikasa Tanamasoandro nokasainy natsangana teny Ambohitrimanjaka. Soa ihany fa nanohitra izany ny mponina fa raha tanteraka tokoa ity tetikasa ity dia mbola ho zava-doza mihoatr'izao no nitranga teto an-drenivohitra. Ho setrin'izany, angamba, dia mety ho anisan'ny "veliranon'Iarivo" napetraky ny ben'ny tanànan'Antananarivo ankehitriny ny fanomezan-dàlana ireo vahiny hanototra ireo antsoina hoe "bassins tampons": marais Masay, Andohatapenaka, Ankadimbahoaka, Ankorondrano, Tanà Water Front, sns,… ka tsy misy làlan-kivoahana intsony ny rano. Manampy trotraka izany ny fahatsentsenan'ny lakandrano eny amin'ny faritra iva noho ny fanorenana trano tsy manarapenitra eran'ny tanàna. Izay aleha rehetra dia dibo-drano ary efa maro ny trano tsy azo honenana intsony satria hatreny an-dohalika ny rano. Nihazakazahana ny nampitandrina ireo mponina eny amin'ny faritra avo, fa mety hihotsaka ny tany kanefa tsy nosainina izay toerana azo hialofan'izy ireo. Lehibe ary omby olona aman'hetsiny ny ambanin'ny "gradins" ao amin'ny kianjan'i Mahamasina, ka tsy ho haingo tanàna fotsiny no nananganana azy io, fa azo hampiasaina tsara hanavotana ny mpiray Tanindrazana amin'izao toe-javatra sahala amin'izao. Etsy ankilany anefa dia nataon'ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo ambanin-javatra ny nisikotra ny lakandrano eny an'elakelan-trano rehetra ireny sy nanala ireo fako manentsina ny "Canal Andriantany" eny amin'ny tetezana Ampefiloha, ohatra. Nahemotra tamin'ny alatsinainy lasa teo ny fidiran'ny mpianatra raha tokony ho tamin'ny alatsinainy heriny izany noho ny valanaretina. Noho ny rotsak'orana be anefa dia dibodrano hatramin'ny sekoly, ka nasaina nody ireo mpianatra tao amin'ny CEG Ampefiloha ny talata lasa teo, satria manasa-dranjo ny rano tao andakilasy. Tsy tonga irery tokoa ny loza araka ny fitenenana vahiny, ka ho an'i Madagasikara, ny covid-19 tsy resy ary tsy mbola manana paikady iatrehana sy handresena izany ny mpitondra kanefa miakatra isan'andro ny isan'ny lavo. Tonga indray ny tondradrano, amam-polony no maty, miakatra aman'alina ny isan'ny traboina, ka tsy fantatra intsony izay tokony ho "velesina", ankoatry ny rano, rehefa mampanantena tetikasa ho tanterahina ny kandidà amin'ny fifidianana, zavatra hafa tenenina fa tsy velirano, mba tsy hitera-doza isaky ny mitsidika ny taona vaovao, sy ny fitsingerenan'ny 19 janoary nanaovan-dRajoelina fianianana, izay tsy nisy baiboly. Mety izay no anisan'ny anton'izao loza miverimberina eto amintsika izao, rehefa mitsingerina io daty io: teo ny vatobe nianjera, ny tondra-drano,...

***Andry Tsiavalona***

TONONKALO

## Miverena manao fanekena…

Matoa tsy afaka olana ny firenena
Dia antony tsotra no mahatonga izany:
Finiavana handeha amin`ny "herin`ny tena",
No ataon`ny mpitondra ary ireharehany !

Tery am-piaingana dia efa nandà
Ary nanifikifika ny baiboly,
Ka moa tsy efa azo nosainina va
Fa dia hisy ary hibahana ny asan-devoly ?

Matoa tsy afaka olana ny firenena,
(Tsy hoe manam-pidiny iretsy vahoaka.)
Fa tena mitohy ny fandrebirebena
Sy ny tampi-mason`ireo tsisy hapoaka.

Ny "mahafinaritra" no imasoany
Fa rambony hatrany ny hoe "mahasoa",
Ka `zay mba nambolena dia tsy misy voany
Ary hita fa toa manakofa avokoa !

…Ka raha tiana ho tafarina ny firenena
Sy tiana ho lavitry ny kolikoly,
Rateloambinifolo o ! andeha miverena
Manao fanekena amin`ny baiboly !

***DADAN`i RIANA (19-01-22)***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mandrindra R.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Ireo zava-bitan'ny ben'ny tanànan'Alasora Avaradrano, Jimmy Randriantsoa, nandritra izay 2 taona nitondrany ny kaominina izay tamin'ny 21 Janoary 2022.**











**Ny antoko TIM nanolotra fanampiana ho an'ny traboina teny Ankorondrano, Boriboritany faha-3 eto Antananarivo.**









# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Ny filoha Marc Ravalomanana sy Neny Lalao Ravalomanana, nanatrika ny fanompoam-pivavahana fankalazana an'Andriamanitra, noho ny Jobily Volafotsy, 25 taona maha Mpitandrina sy 10 taona maha Talen'ny Toeram-panomanana Mpitandrina TPM Ivato an'i Dr Razafiarisoa Juliette, Mpitandrina, mivady. "Jehovah, IZY no Andriamanitsika..." I Tantara16:14a.**











**Ny filoha Marc Ravalomanana sy Neny Lalao Ravalomanana, nanao vaksiny fatra faha-3, ho fiarovana amin'ny valanaretina coronavirus.**






**Fanadiovana ny lakandranon'Andriantany, tamin'ny nitondran'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ny tanànan'Antananarivo.**

**Fanadiovana ny Lakandranon'Andriantany, amin'izao itondran'ny ben'ny tanàna Vazahabe, ny tanànan'Antananarivo izao. Mampihosona maloto ireo miaramila…**





TOETR'ANDRO FARAN'NY HERINANDRO

# Faritra maromaro no mbola hijojo ny orana

Faritra maromaro eto amin'ny Nosy no mbola hijojo ny orana eto amintsika amin' izao faran'ny herinandro izao, araka ny vinavinan'ny sampan mpamantatra ny toetr'andro eny Ampandrianomby. Hitohy hatrany ny oram-baratra ho an'ny faritra Sofia, Diana, Atsinanana ary Analanjirofo hatramin'ny alahady 23 Janoary 2022. Ahiana hihoatra ny 100mm/24ora ny habetsahan'ny rotsakorana amin'ireo toerana voalaza etsy ambony ireo, ka mety hiteraka tondradrano, fiangonan'ny rano ary fihotsahan'ny tany. Toy izao ny filazana fampitandremana amin'ny habetsahan'ny rotsakorana :

Filazana miloko mena: Anosibe An'ala, Marolambo, Antanambao Manampontsy, Vatomandry ary Mahanoro.

Filazana miloko mavo: Soanierana Ivongo, Vavatenina, Brickaville, Fenerive Est, Mananara Avaratra, Maroantsetra, Sainte-Marie,Toamasina voalohany sy faharoa, Moramanga, Antsohihy, Analalava, Ambanja, Nosy-Be, Ambilobe et Antsiranana. Iangaviana ny mpampiasa ranomasina eo anelanelan'i Mahajanga sy Antsiranana ary manomboka eo Antsiranana hatrany Mahanoro, mba tsy hiandriaka sy tsy hisaodisaody eny an-dranomasina, mba ho fisorohana ny loza mety hitranga. Entanina ihany koa isika mba hanaraka tsy tapaka ny toromarika omen'ny manam-pahefana eny ifotony.



**Stefa**

Ramatoa tratry ny mosavy sy jihny ratsy

# Nokarakarain'i Mr Aina teny Itaosy vao avotra

***Misy ve ny mosavy, sa efa anjara mihitsy ny tsy hiteraka sy rava fanana foana. Santionany tamin'izany mantsy ity ramatoa 35 taona ity, satria sady rava fananana foana, no tsy nety nahazo zaza mihitsy koa, ka teny Itaosy vao avotra.***

Toy izao ny fandehan'ny tantara ; manam-bady ity ramatoa vao 35 taona monja ity. Monina any Antsirabe izy io, fa ny fiaviany kosa dia avy any Ambatondrazaka. Tao anatin'ny folo taona nivadiany dia tsy nahazo zaza mihitsy ramatoa, satria indraindray mba nipetraka ihany fa votsotra ho azy amin'izao, indraindray efa bevohoka izao fa toa tsy hita tampoka teo, indraindray aza dia efa hoe bevohoka manaraka fisafoana fa mbola tsy zaza ihany fa zavatra hafa. Tsy vitan'ny hoe tsy mety mahazo zaza ramatoa, fa tsy salama ihany koa ary tao anatin'ny taona maro dia niharitra fangirifiriana izy mivady. Mba miasa ihany ilay rangahy fa izay tonga lany, voatery misambotra aman'olona ary voatery nivarotra fananana mihitsy aza, satria tsy maharaka intsony ny eo am-pelatànana. Leo mihitsy rangahy vadiny ary nilaza fa aleo misaraka mihitsy satria tsy mifanambina isika ary efa tsy anjarantsika ny hanana taranaka, ka aleo samy miverina amin'ny fianakaviany aloha. Teo vao tapakevitra ilay ramatoa ka nanatona teny amin'i Mr Aina mpitsabo eny Itaosy, satria hitany tamin'ny fandaharana tamin'ny televiziona sy gazety an-tsoratra ny nomeraony 0338348163 sy ny 0342902668, ka nataony izay hihaonana taminy haingana, satria malaza manana « pouvoir » manokana ity mpitsabo ity, ary malaza mitsabo amin' ny alàlan'ny « sorabe » ihany koa.



*Mr Aina eny Itaosy.*

**Mosavy sy jihny ratsy no nahazo ilay ramatoa**

Zao no nambaran'ity mpitsabo ity taminy raha vao nihaona izy telo mianaka : tratry ny jihny ratsy ianao hoy izy, ka tsy hahazo taranaka mihitsy raha tsy karakaraina haingana. Ny hamotika anareo no tanjon'ilay olona tsy lavitra anao akory hoy izy, satria tovolahy zanaka mpanao fanafody ratsy no niarahanao taloha ary tsy nekenao ho vady izy, ka io no namosavy anao. Sady tsy ho azy, no tsy ho an'olona ianao hoy izy ary tsy vitan'izany fa ho rava fanana foana ianareo satria nalahelo izy tsy nahazo anao ho vady na dia efa mba nekeny daholo aza ny fangatahanao rehetra. Ny hamotika ny fianakavianareo no tanjony hoy ity mpitsabo ity ary tsy hanan-taranaka mihitsy. Manàna finoana hoy ity mpitsabo ity, fa tsy maintsy hahazo zaza sy ho tafita ianareo roa.

**Iray volana monja dia avotra izy mivady**

Fotoana fohy taorian'ny nandehanany teny amin' ity mpitsabo ity fotsiny dia niova ny rasa satria nanjary hafahafa izany ramatoa. Toa mahatsiaro ho maivamaivana izany ary toa falifaly koa. Tsy vitan'izany, fa ilay raim-pianakaviana nikasa ny hisaraka taminy dia nifona teo aminy indray ary nilaza fa tsy mbola tian' Andriamanitra ny fisarahantsika ka aleo mifamerina ihany aloha. Nanomboka teo dia salama tsara ramatoa, nanjary nitoe-jaza ary nohamarinina teny amin' ny mpampivelona ka tena zaza tokoa. Tsy mbola vitan'izany aza, fa nilaza mihitsy ity mpampivelona ity fa mety ho kambana mihitsy aza. Ankoatr'izay dia nanomboka niverina ny haren'izy roa, tonga ho azy ny fianakaviana nanampy sy nampindram-bola tsy averina indray ary ireo saika hankahala azy roa aza dia tonga nifona sy nilaza fa hiverina hihavana indray satria tsy misy tombony ny ady. Ilay tovolahy volaza fa namosavy azy moa dia lasa nitsoaka satria leo monina. Tafita ihany izy roa satria sady nahazo zaza no niverina ihany ny fananana efa saika rava sy potika tanteraka tao anatin'ny taona maro.

**Namana**

Baolina kitra

# Fantaro ireo lalao rehetra amin'ny 1/8-dalan'ny CAN 2022

Efa fantatra avokoa amin'izao fotoana ireo lalao rehetra amin'ny 1/8-dalan'ny CAN 2022 eo amin'ny baolina kitra hatao any Cameroun. Anisan'ny tafakatra amin'izany ny ekipam-pirenena Kômôriana. Hanomboka rahampitso alahady 23 janoary ny dingan'ny ampahavalon-dalana ho amin'ny CAN 2022. Ekipa 16 no hifandona, izay ahitana lalao valo. Efa nivoaka ny lisitr'ireo hifandona. Azo lazaina ho faly sahirana ihany ny ekipam-pirenen'i Kaomôro, satria dia i Cameroun mpampiantrano no hifanandrina aminy. Tsy nampoizina no nahatafakatra azy nanoloana an'i Siera-Leone. Izy no voafidy ho laharana fahatelo tsara indrindra (meilleure troisième), rehefa niondrika teo anatrehan'i Guinée-Eqautoriale i Siera-Leone.

Toy izao ireo fandaharan-dalao amin'ny ampahavalon-dalana:

Alahady 23 janoary :
- Burkina Faso- Gabon : 16 h.
- Nigeria- Tunisie: 19 h

Alatsinainy 24 janoary :
- Guinée- Gambie : 16 h.
- Cameroun- Comores: 19 h.

Talata 25 janoary:
- Sénégale- Cap-Vert : 16 h.
- Maroc- Malawi : 19 h.

Alarobia 26 janoary :
- Côte d'Ivoire- Égypte : 16 h.
- Guinée-Equatoriale- Mali : 19 h.

**Lita**



Jeux des Îles 2023

# Taranja 23 no hifaninanana

Fantatra ankehitriny ireo taranjam-panatanjahantena, hifaninanana mandritra ny lalaon'ny Nosy faha-11, izay hatao eto Madagasikara amin'ny taona 2023.

Taranja 23 no voafidy amin'izany :

- Athlétisme/Paralympique, Athletisme (Lehilahy sy Vehivavy), - Badminton (L/V), - Basket-ball 3x3 sy 5x5 (L/V), - Boxe (L/V), - Cyclisme (lehilahy), - Équitation (L/V), - Football (L/V) sy Beach Soccer (L), - Haltérophilie (L/V), - Handball (L/V), - Judo (L/V), - Karaté (L/V), - Kick-boxing (L/V), - Lutte (L/V), - Natation/Paralympique Natation (L/V).

- Pétanque (L/V), - Rugby à 7 sy rugby à 15 (L/V), - Taekwondo (L/V), - Tir à l'arc (L/V), - Lawn tennis (L/V), - Tennis de table (L/V), - Voile (L/V), - Volley-ball (L/V) sy beach-volley (L/V) , - Surf (L).

Misy ireo taranja vaovao izay nampidirina mandritra ny lalaon'ny Nosy 2023, dia ny Tir à l'arc, Beach Soccer, Equitation, Basket-ball 3x3, Kick-boxing ary ny Surf.

Marihina fa ny fifidianana ny taranja iray dia miankina amin'ny fivoriana izay atao, itondrana ireo tolo-kevitra avy amin'ny firenena mpandray anjara.

Ny maha voatazona ilay taranja indray amin'ny farany dia miankina amin'ny isan'ny firenena hifaninana izay tokony hihoatra ny 3.

Taranja 4 kosa no hanaovana "demonstration" dia ny Escrime, Teoball, Sport Auto, Billard.

**Rainilita**




*Komity mpanomana ny Jeux des Iles 2023.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 15/01/2022 hatramin'ny 22/01/2022**

- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1255-01-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**RN32 faritra Sofia**

# Manararaotra ny mpangalatra, ratsy dia ratsy ny lalana

Mampijaly sy mampikaikaika ireo mpampiasa azy ihany koa ny lalampirenena faha-32 (RN 32), mampitohy an'Antsohihy, Befandriana Avaratra, Mandritsara. Noho izay faharatsian'ny lalana izay, manararaotra ireo mpangalatra. Somary nahazo vahana ihany koa ny rotsak'orana any faritra Sofia tato anatin'ny 2 andro izay. Isan'ny nahazo koa ny lalam-pirenena faha-32 mampitohy an' Antsohihy amin'i Befandriana Avaratra, iny rahateo efa lalana ratsy ka niampy rotsak'orana dia vao mainka miha-simba. Ny lalana ratsy eo ihany, fa misy koa ny olon-dratsy, satria misy mpanendaka ny RN32 amin'izao. Manararaotra amin'ny fotoanan'ireo mpandeha midina noho ny haratsian-dalana ireo mpanendaka maka izay tiany ao anaty fiara. Vola, lamba, kitapo sy entana madinika, no matetika lasa amin'izany. Velon-taraina ireo mpandeha, eny hatramin'ny mpamily noho izao tsy filaminana amin'ny RN32 izao.

***Aly***



*Ny fahasimbanana amin'ny lalam-pirenena faha-32.*

Tontolo iainana

# Tsy ny Antandroy no manimba ny alan'i Menabe

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny alarobia teo, tao amin'ny fokontany Manamby ; kaominina Ampanihy distrikan'i Mahabo, ny fambolenkazo amin'ity taona 2022 ity ho an'ny faritra Menabe, ka velaran-tany 30 ha no vita voly, niarahan'ny fitaleavam-paritry ny tontolo iaina sy ny hery velona rehetra ato amin' ny renivohim-paritra Menabe, sy distrikan'i Mahabo anisan'izany ny fikambanan'ny mpandrafitra, izay nilaza fa mbola tsy nivaly ny fangatahana nataon'izy ireo hatreto, ny mba hanomezana azy ireo ny fahazoan-dalana mitrandraka ny hazo, hahafahay miasa an-kalalahana ary ihany koa ny fanomezana azy ireo ; ireo hazo voageja satria izy ireo dia efa manaraka ireo fepetra rehetra apetraky ny ministera ary miara-miasa akaiky amin' ny fitaleavam-paritry ny tontolo iainana ato Menabe, nefa dia toa odiantsy hita raha tsy rehefa misy ilana azy izy ireo araky ny tafa nifanaovan'izy ireo tamin'ny mpanao gazety tao aorian'ny fambolen-kazo .



*Solontenana mpandrafitra any Menabe.*


Nivoitra nandritr'izay ihany koa ny fisian'ny fikambanan'ny terak'Androy ary nandritra izany no namakiany, fa tsy ny Antandroy no mpanimba ala ato Menabe, fa ireo mpivarotra ny ala satria izy ireo dia mividy vao afaka manapaka ala, fa tsy tonga dia manapaka ; izy ireo tsy manana tany sady tsy manana ala ary tsy nivatsy ala avy any Androy fa ny fananana kely tany Androy no namidy, mba hahafahana mividy ala ho tetehana hahafahana misakafo, satria aleon'izy ireo miasa mafy mitetik'ala aty Menabe toy izay hihinana raketa any Androy, hoy ny filohan'ny terak'Androy andriamatoa Vomitahy R. Alfred dit Mitahy. Nohamafisiny ihany koa fa nitetikala izy ireo saingy efa niova fo amin'izao fotoana, ka miara-miasa amin'ny mpiaro ny tontolo iainana ary miezaka mamboly hazo, fa mangataka ny mpitondra mba hijery azy ireo, satria moramora kokoa ny manampy ireo Antandroy aty Menabe, izay efa mivondrona sady mampihena ny asa fanampiana izay ataon'ny fanjakana any Androy. Ny fepetra noraisin'izy ireo dia izay mpifindra monina tsy manaraka ny lalàna misy dia azon'ny fanjakana hatao ny mandroaka azy miverina any amin'ny toerana niaviany.

***Rajepa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 382**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0381)

| Mitsivalana | | Mitsangana | |
|---|---|---|---|
| - Nilamina | Ha (miv) | - Namana | - Maro – (V)av(a) |
| - Tanàna (miv) | - Ana – Do (miv) | - Inona | - Ity |
| - Mosary | - Soavaly | - Lasa – Ao | - Lova |
| - Orana (miv) – | | - Anarana | - Alahady |

## TENY MIFANARAKA N° 382




**Mitsivalana**

**1.** Voankazo – Fanao amin'ny tongotra folaka **2.** Tsofoka fanitarana – Asa (miv) – Tampisaka (miv) **3.** Foko – Vizana **4.** Tsy milamina (miv) **5.** Fanao amin'ny laoka – Olon-tiana (BL) **6.** Teny fanairana – Tsy eo aloha fa aoriana handatsa **7.** Tohana – Sakoroka **8.** Mpanondro manolotra – Zava-mahadomelina (miv) **9.** Firavaka – Enti-milaza **10.** Vovoka mainty (miv) – Mamba

**Mitsangana**

**A.** Feno midadasika **B.** Saro-bahana (miv) **D.** Ranombava (BR) – Sahiran-tsaina **E.** Vaventy – Anelanelan'ny hira **F.** Zana-tsoratra mitovy – Marika **G.** Zanaka aman-jafy **H.** Namonjy fonenana **I.** Ilainareo **J.** Mikoriana tsy an-kiato – Ao amin'ny Baiboly **K.** Fitaovana maranitra – Ao anelanelan'ny Pipa

### Valiny Teny mifanaraka 0381


**Mitsivalana**

**1.** Sakafo - Lio **2.** Izaho - GR (grama) **3.** Lalany - Ana **4.** Ina - Akofa **5.** Kil(a) - Sisa **6.** Akany - TN **7.** Eo - Nandao **8.** Fo - Marary **9.** Ren(y) - Ovay (miv) **10.** Miandry (miv) - Ma (miv)

**Mitsangana**

**A** Solika - Fay **B.** Anikeo **D.** Kilalao - Dr (miv) **E.** Aza - Men(a) **F.** Fanadinana **G.** Kiho (miv) - AR **H.** Miantso (miv) **I.** Afindra **J.** Sangy (miv) - Avia (miv) **K.** Ora - Avo - OM

## NY TENY FIAINANA




*"Fa voasoratra hoe: raha velona koa Aho, hoy Jehovah, ny lohalika rehetra handohalika amiko, ary ny lela rehetra hidera an'Andriamanitra (Isa. 45. 23)."*

***Romana 14:11***

**Rugby**

# Anio ny fifantenana an'ireo handrafitra ny Makis à 7

Ho tanterahina anio eny amin'ny Kianja Makis Andohatapenaka, hanomboka amin' ny 8 ora maraina ny fifantenana an'ireo mpilalao, vonona handrafitra ny ekipam-pirenena Rugby à 7 lahy sy vavy, ka manaja ny fepetra notakian'ny Malgasy Rugby amin' izany dia ny mpilalao: "Bon défenseur, Plus de 1,75m ary "Rapide" ho an'ny sokajy lehilahy ary "Bon défenseur, "Expérimentée ary "Rapide" hoan'ny sokajy vehivavy.

Tsiahivina fa tsy maintsy mitondra fitaovana hoentina manao fanatanjahantena ireo mpilalao liana amin'ny fifantenana.

***Rainilita***




*Mpilalao Rugby Malagasy.*

**Orange Pro League 2021/2022 andro faha-6**

# Hahemotra ny fihaonan'i 3Fb Toliara sy Zanakala Fc

Misy fanovana ny fandaharandalao andro faha-6 eo amin'ny fifaninanana "Orange Pro League 2021/2022" satria rehefa nifanaraka tamin'ny ligiin'ny baolina kitra any Atsinanana sy ny mpandrindra ny kianja Barikadimy Toamasina ny mpikarakara dia tapaka fa hotontosaina amin'ny alahady 23 janoary 2022 amin'ny 12 ora ny lalaon'ny AS Fanalamanga sy Five Fc Madagascar.

Nahemotra amin'ny fotoana manaraka kosa ny lalao tokony hifandonan'ny 3FB Toliara sy ny Zanakala Fc, rehefa niditra fihibohana ara-pahasalamana ny mpilalaon'ity farany.

Marihana fa ireo lalao ambiny sisa kosa tsy nisy fiovana :

Sabotsy 22 janoary 2022 : Cosfa # Uscafoot (kianja Complexe Sportif Cnaps Vontovorona), Disciples Fc # Jfc Toliara (kianja Elgeco Plus Stadium By Pass).

Alahady 23 janoary 2022 : Fosa Juniors Fc # Ajesaia (kianja Rabemananjara Mahajanga), Tia Kitra Fc # Jet Kintana (kianja Stade Barikadimy Toamasina), Cffa # Elgeco Plus (kianja Elgeco Plus Stadium By Pass), Mama Fca # A. Dato Fc (kianja Stade Moderne Ampasambazaha).

***Rainilita***



*OPL 2021/2022.*

**Mpitantana fitsarana lalao basikety Malagasy**

# Fantaro ireo daty hanatanterahana fifidianana

Fantatra taorianan'ny fivoriana nataon'ny kômity mpanatanteraky ny FMBB "Federation Malagasy de Basket Ball", tamin'ny alarobia 05 janoary 2022 lasa teo ireo daty hanatanterahana ny fifidianana ho Mpitantana isan-tsokajiny ny fitsarana lalao basikety Malagasy.

-Ny fifidianana izay ho filoha sy fanendrena an' ireo ho mpikambana, ao amin'ny DRA "Comité Directeur des Délégétions Régionales des Arbitres" dia tokony ho tanterahina fara-fahatarany amin'ny faha-31 janoary 2022, eo ambany fitantanan'ireo seksiôna isanisany.

-Ny fifidianana izay ho filoha vaovao, sy fanendrena mpikambana ho ao amin'ny CRA "Comité Directeur des Commission Régionales des Arbitres" dia tokony ho tanterahina fara-fahatarany amin'ny faha-14 febroary 2022, eo ambany fitantanan'ireo ligy isanisany.

-Ny fifidianana an'izay ho filoha vaovao, sy fanendrena an'ireo mpikambana ho ao amin'ny CCA "Comité Directeur de la Commission Centrale des Arbitres" dia tokony ho tanterahina fara-fahatarany amin'ny faran'ny volana febroary 2022, eo ambany fitantanan'ny FMBB.

***Rainilita***




*Mpitantana fitsarana lalao basikety Malagasy.*

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy anandrano indray, no sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany, na hatao ridritra. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny ravina corossol

Ny soa azo avy amin'ny ravina corossol indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ireto avy ny zava-tsoa azo avy amin'ny raviny:

- Fanafody CANCER na homamiadana.
- Manasitrana infection urinaire, na ny mivaivay any amin'ny fitaovam-pananahana izy.
- Manala fanaintainana amin'ny vanin-taolana, ohatra ny goty.
- Mampatanjaka ny hery FIAROVANA.
- Fanafody kibo, mivalana.
- Manampy ialana amin'ny tsy fahitana tory ( insomnia).
- Fanafody diabeta.
- Mety ho an'ny lehilahy manana olana eo amin'ny filahiana.

Atao tambavy sotroina ny ravina corossol. Tsy mahazo misotro azy kosa anefa ny bevohoka sy ny mampinono.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Andranomavo, distrikan'i Soalala faritra Boeny



Ny tanànan'Andranomavo, distrikan'i Soalala faritra Boeny indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andranomavo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina 3 mandrafitra ny distrikan'i Soalala. Any andrefan'ny faritra Boeny no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy, satria 144 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamboly sy mpiompy ny ankamaroan'ny mponina any Andranomavo. Anisan'ny tsenan'omby lehibe any amin'ny faritra Boeny ity tanàna ity. Vokatra any ny vary, ny raphia, ny fary, ny mangahazo. Lalovan'ny reniranon'i Mangatsa ity tanàna ity.